Koa raha mangataka amin’I Allah ianao, dia angataho Aminy ny AL-FIRDAWS”

Tatitra azo avy tamin'i Obada Ibn Soamit (R.A), niteny i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : “Ao amin’ny Paradisa dia misy ambaratonga zato, ary ny elanelan’ny ambaratonga roa dia mitovy amin’ny elanelan’ny lanitra sy ny tany, ary ny AL-FIRDAWS no avo indrindra, ary avy ao no miboiboika ny loharano efatra ao amin’ny Paradisa, ary avy ao amboniny no hisy ny seza fiandrianana, Koa raha mangataka amin’I Allah ianao, dia angataho Aminy ny AL-FIRDAWS”.

[Mari-pototra] [Notantarain'i Al-Tirmizì]

Nanambara ny Mpaminany (S.A.W) fa ao amin'ny Paradisa any ankoatra dia misy ambaratonga sy toeram-boninahitra zato, ary ny elanelana misy eo amin'ny ambaratonga roa dia mitovy amin'ny elanelan'ny lanitra sy ny tany, ary ny avo indrindra amin'ireo paradisa dia ny Paradisan’i Firdaws, izay ivoahan’ireo renirano efatra ao amin’ny Paradisa, ary eo ambonin’ny Al-Firdaws no misy ny Seza fiandrianana; Raha mangataka amin’I Allah ianao dia angataho Aminy ny Paradisa. Izay eo ambonin'ny Paradisa rehetra.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/65188